
www.madagate.org


RY FITSARANA, ALEVENO NY :
KOLIKOLY
FAPANJAVONANA DOSSIER
CLASSEMENT SANS SUITE
TSY FAMPIHARANA NY
DIDY AVOAKA
www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org
RATOLOJANAHARY Manarevo
Sendika


www.madagate.org

*****************


www.madagate.org
SEKRIMA UR TANA


www.madagate.org


www.madagate.org
SEKRIMA UR TANA


www.madagate.org


Hery Rajaonarimampianina 2 ans et 4 mois plus tard








Sendika eto Madagasikara : mpandainga sy mpangalatra ny mpitondra

Catégorie : Gasy
Publication : 3 mai 2016


Sendikan'ny mpiasa miisa 34 no tonga teny amin'ny kianjan' Alarobia omaly alahady voalohan'ny volana may 2016. Olona miisa eo amin'ny manodidina ny 15 000 teo ho eo no namaly ny antson'ireo sendika izay notarihin'ny sendikan'ny mpanakanto ireo. Tamin'ity fotoana ity no nanambaran'ny mpiasa rehetra izay mivondrona na tsy mivondrona amin'ny sendika ny fahitany ny zavatra iainan'ny mpiasa eto Madagasikara amin'ny ankapobeny. Tamin'izany no nitambaran'izy ireo hevitra fa tsy mbola nisy fampijaliana ny mpiasa toa ny misy amin'izao fotoana izao. Ampagain'izy ireo fa ny fitondram-panjakana ankehitriny no fototr'izao fahantrana sy fahavoazana mihoa-pampana mianjady amin'ny mpiasa izao. Tsy afaka hivelona amin'ny asa ataony intsony ny mpiasa malagasy rehetra tsy misy ankanavaka hoy ihany izy ireo. Toa izao indrindra ny filazan'izy ireo ny fahitany ny raharaha ankehitriny : « Tsy mahavita azy ny filoham-pirenena, ka ny minisitra dia mpangalatra fotsiny ihany. Ny fanjakana dia mpivarotra tanindrazana amin'ny vahiny dia ny sinoa sy ny karana ary ireo vazaha. Ny harem-pirenena "bois des roses" dia lasa fidiram-bola manokan'ny filoham-pirenena sy ny minisitra ihany hatramin'izao. Ny asa ataon'ny orinasa tsy miankina amin'ny fanjakana (marché public », dia tsy manaraka ny fenitra takian'ny lalàna intsony fa atao fangalaram-bola ao amin'ny fanjakana ankehitriny. Tsy misy intsony ny fijeren'ny fanjakana ny mpiasa na kely aza fa toy ny tsy misy fanjakana intsony eto. Nangataka ny hanafoanana ny fivoriana antampony ny tany miteny ampahany sy tanteraka ny teny frantsay koa ireo sendika ireo raha toa ka tsy averin'i Lafrantsa amin'ny malagasy ny nosy manodidina rehetra. Ny vaha olana ho an'ireto mpiasa sy ny sendika izay namaly ny antson'ny sendikan'ny mpanakanto teny amin'ny kianjan'Alarobia omaly 01 may 2016 tolakandro teo dia ny fialan'ny filoham-pirenena amin'ny asany sy ny governemanta tarihiny satria tsy mahavita azy fa sady mpangalatra hono no mpampijaly ny mpiasa. Mangataka ny malagasy hiray hina sy hijoro amin'izay izy ireo hiaro ny mpiasa sy ny vahoaka malagasy amin'ny ankapobeny. Azo lazaina fa ireo mpiasa marobe izay namaly ny fiantsoan'ny sendika ity dia olona mahatsapa ny tsy rariny ataon'ny fanjakana avokoa.

La Gazette


Laharana 0071 • Alatsinainy 02 mey 2016
Gazety SAKAMALAHO

Fivondronamben'ny Eveka
« Tafahoatra hatrany ambony ny kolikoly »

Mihalatsaka lalina ny firenena. Nampiaka-peo noho ny fijalian'ny « ondry » ny Fivondronamben'ny Eveka. Nohitsian'izy ireo tamin'ny fivoriambe voalohany tao Antanimena fa hatrany an-tampon'ny fitondrana ny lainga sy ny halatra. Gaboraraka ny harem-pirenena ary hatrany ambony ny kolikoly.
Zo. Ra.




**Les mêmes déclarations de SEM Robert T. Yamate en malgache (traduites) et en anglais (originales):**

***"Etazonia dia nanohana, ary manohy ny fanohanana, ireo mpandray anjara rehetra eto Madagasikara, izay miady mafy hanatsara ny tamberin'andraikitry ny governemanta, izay miaro ny fahalalahana ny zom-pirenena fototra toy ny zo hanao fihetsiketsehana am-pilaminana sy maneho hevitra tsy amin-tahotra ny fampidirana am-ponja, ary ho an'ireo izay miady amin'ny tsimatimanota mandika ireo fitsipika ireo***, *ary mampirisika mafy ny governemanta sy ny olom-pirenena eto Madagasikara izahay mba hiara-miasa mba hanamafy orina ny demokrasia ary ny fanjakana tan-dalàna any amin'ireo faritra rehetra eto amin'ny firenena, ary mba hahazoana antoka fa ny olon-drehetra eto Madagasikara dia afaka misitraka ny tombontsoa ara-politika, ara-tsosialy sy ara-toekarena entin'ny*

[illegible]















[illegible]




**[illegible] daholo ireo *"idom-bitsy" ireo* izany? Sambory daholo dia gadrao!**

**Sambory dia gadrao izany 1 Mey 2016**